


TORITENY - ALAHADY faha-27 TSOTRA - TAONA D



NY OLONA MANAM-PINOANA TSY MIANDRY VALISOA EO NOHO EO

Ry Kristianina havana, tamin'ny alahady lasa teo ny andron'ny lahika izay nandalinantsika manokana ny adidy miandry antsika amin'izao Sinaody faha-7 izao. Tany Lourdes niaraka tamin'ireo Zanaky ny

diosezy any ivelany aho ary niaraka tamin'izy ireo namakafaka mikasika ny anjara toeran'izy ireo eo anivon'ny diosezy niaviany. Raha tena marina mba ho Eglisy velona velomin'ny Batemy, miara-dalana miombona mandray an-tanana irahina ho Misionera ho Tabernakla velona dia nihaino, nitandregny azy ireo ny amin'ny

Vakiteny I: Hab. 1, 2-3; 2, 2-4

Salamo : Sal. 94

Vakiteny II: 2 Tim. 1, 6-8. 13-14

Evaniely : Lk. 17, 5-10

fahitana an'izany Fianakaviana Eglisy kely miara-mivavaka mandalina finoana izany. Nasaiko izy ireo mba handefa ny vokatry ny dinika natao amin'ny fifampitraofana any Vohemar izay efa tsy ela intsony ny hanaovantsika azy. Miroso isika. Tsy irery isika amin'izany satria ao anatin'ny volana Rozery isika izao ka miaraka amin'I Masina Maria, miaraka amin'I Mb Terezy kely izay vao avy

notsarovantsika teo ny fetiny. Matoky isika fa handrotsaka mandrakariva ny "oran-draozy" izy amin'izao vanim-potoana efa tena akaiky hankalazantsika ny tapan'ny voalohany amin'ny sinaody izao.

Ny tanjona moa dia hahatonga antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA. Izany indrindra ny lohahevitra dinihintsika amin'izao Alahady faha-27 mandavantaona izao. Asain'ny Eglisy tokoa isika amin'ny alalan'ireo Tenin'Andriamanitra handinika bebe kokoa mikasika ny FINOANA na dia tsy maintsy dinihina mandavan-taona aza satria ny finoana no maha Kristianina antsika. Ny finoana no mahatonga antsika ho EOV sy ETA ka ho génération mpanorina, manorina Eglisy fanjakan'Andriamanitra hahatonga antsika ho iraka eo anivon'ny mpiara-belona amintsika, hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona izany. I Kristy no misionera voalohany nirahin'ny Ray hitory ny Vaovao mahafaly. Izy no naniraka antsika mianakavy sy ny apostoly ho amin'izao tontolo izao. Ireo manodidina antsika no hanirahana antsika voalohany indrindra. Ny volana Oktobra tokoa dia volan'ny Misiona. Tsy ho tanteraka izany raha tsy misy iraka ary tsy misy ny iraka raha tsy misy ny finoana.

Matetika isika mieritreritra fa lavitra izao tontolo izao ka sarotra tanterahina ny iraka, ny mission anirahana antsika voalohany anefa dia ny tontolo manodidina antsika. Manana modely isika satria azo lazaina fa i Masina Maria ihany koa no misionera voalohany manaraka an'I Jesoa. Rehefa nahazo ny fiarahaban'ny anjely izy dia lasa namonjy an'il Elizabeta rahavaviny ka niara-nidera an'Andriamanitra izy mirahavavy. Ny fametrahana an'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika ka hahaizantsika mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro no maha-misionera antsika. Azontsika amin'izay àry ny antony nanokanana ny Tanànantsika sy ny diosezintsika amin'ny Fo Madion'I Maria satria isika no voatokana ka zary manana ny fo madio tahaka ny an'I Maria isika tsiraikiraiky, fo hitondra an'I Jesoa amin'izao tontolo izao misy antsika.

Ambaran'ny Evanjely amin'izao Alahady faha-27 mandavantaona izao sy ireo vakiteny aroson'ny Eglisy ho antsika fa tsy miandry valiny ny fanatanterahana ny IRAKA, ny maha-tabernakla velona fa maimaim-poana. Ilaina noho izany ny manohy ny fandalinam-pinoana mba haninteraka ny fiainantsika tokoa ny finoana ka hahatonga antsika ho misionera marina tokoa.

Matetika araky ny henontsika tamin'ny fandalinana nandritra ny Alahady maromaro izay dia mety misy fotoana mampavesatra izany fivelomana ny finoana izany, mety misy ny fahakiviana, misy ny sedra fa androany ambaran'I Jesoa amintsika fa raha olona manam-pinoana isika dia hahavita zavatra mahagaga. Ny fivelomana ny finoana dia maimaim-poana, tsy mila valisoa, ny olona manam-pinoana tsy miandry valisoa satria mpanompo izy. Niaina izany i Masina Maria raha nandeha nanambara ny Vaovao mahafaly tamin'I Elizabeta. Nijanona ary nanompo tamin'ny alalan'ny fanampiana an'i Elizabeta izay efa bevohoka enim-bolana izy, manambara ny finoana velona ny fifankahitan'izy mirahavavy, mifampizara ny Vaovao mahafaly sy midera an'Andriamanitra.

Manontany matetika isika manao hoe : "*ahoana ny hahafantarana ny finoana velona*" ?

Ny voalohany dia isika mandray an'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika. Manilo ny fiainantsika Izy Andriamanitra izay ivon'ny fiainantsika. Izany hoe amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao

Aminy no hanatanterahana izay ataontsika rehetra. Izany no nataon'I Masina Maria, aoka ho tanteraka amiko araky ny sitrakao. Ny valin-teny nataony dia midika fa mivelona ny sitrak'Andriamanitra izy.

Ny faharoa dia miseho ety ivelany ny hahafantarana ny fivelomana ny finoana. Raha manasoa ny hafa, ny besinimaro tsy misy avakavaka isika toy ny nataon'I Masina Maria raha nandeha nikarakara sy nanampy ary nanompo ny rahavaviny

Ry Kristianina havana, azo lazaina fa foto-pampianarana lehibe amin'izao volana oktobra izao, ireo voalaza ireo, volana oktobra volan'ny raozery hibandinantsika ny fanjavan'I Masina Maria, volan'ny raozery handinhantsika rehetra vita batemy ny maha-zanak'Andriamanitra antsika. Nanao "Eny" tahaka an'I Masina Maria isika ka irahina. Mampiditra antsika eto amin'ny diosezy amin'ny fanatanterahana ny Sinaody any Vohemar izany sady amin'izao volana oktobra izao ihany koa ny volan'ny misiona. Izao Sinaody tapany voalohany izao no handinhantsika ny Fianakaviana Eglisy kely miara-mivavaka mandalina ny finoana. "Vita batemy aho ka irahina eo anivon'ny mpiara-belona", hahatonga antsika ho Kristianina araky ny lazantsika matetika, Kristy no velona ao amintsika ka mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika.

Ampahatsiahivin'ny Vakiteny voalohany amin'ny bokin'i Habakoka fa ny olona manam-pinoana dia velona mandrakariva ary ny fivelomantsika ny marina eo amin'ny fainantsika dia manambara ihany koa fa velona ny finoantsika, izany no fanompoana.

Raha nangataka ireo mpianatra ao amin'ny evanjely hoe : "ampitombo ny finoanay", dia nolazain'I Jesoa fa na dia bitika aza ny finoana, fampianarana lehibe izany ho antsika, dia mahavita zava-mahagaga isika. Midika izany fa manome toerana an'Andriamanitra isika.

Io no olana matetika satria tsy omentsika toerana Andriamanitra, miasa samirery isika matetika, mitady andriamanin-kafa ka voafitapitaka dia diso fanantenana. Ny tadiavin'Andriamanitra dia isika manome toerana azy ary tsy inona izany fa manao ny asan'Andriamanitra.

Raha manao ny asan'Andriamanitra tokoa isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika. Manambara fa velona tokoa ny finoantsika raha manao ny asan'Andriamanitra isika. Averimberintsika matetika izany. Izany no tian'i Jesoa ambara amin'ny hoe na bitika ny finoantsika dia mahavita zava-mahagaga isika.

Milaza koa I Habakoka fa matetika isika voan'ny hakiviana satria mikatsaka zavatra ety ivelany ka voan'ny fakam-panahy sy zary manome tsiny an'Andriamanitra. Amin'ny vakiteny voalohany "*fa ny marina no hivelona amin'ny finoany*". Raha isika mivelona amin'ny finoana mametraka Andriamanitra eo anivon'ny fainantsika dia izy no hanao ny asantsika.

Manao ny asan'Andriamanitra isika raha manao ny marina, io no antitranterin'i Habakoka, miala amin'ny lainga, ny vadivandy, ny fitapitaka, ny herisetra fa mampanjaka ny fifankatiavana, ny rariny sy ny hitsiny ary manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra. Izany no atao hoe miaina ny finoana. Izany hoe omen'Andriamanitra antsika maimaim-poana ny finoana ka anjarantsika ny mivelona azy.

Milaza ao amin'ny fanoharana ataony amin'ny Evanjely i Jesoa fa maimaim-poana ny fanompoana satria fanomezan'Andriamanitra maimaim-poana ny finoana nomeny antsika ka mahatonga antsika araky ny fanoharana hilaza hoe : “*Mpanompo tsy mahasoa izahay, fa izay tsy maintsy ho nataonay ihany no hany vitanay*”. Tian’I Jesoa isika manatanteraka ny sitrapon’Andriamanitra dia isika manompo ny namantsika ary izany no nataon’i Masina Maria rehefa nandeha tany amin’i Elizabeta rahavaviny izy. Ny anjarantsika dia ny manantanteraka ny sitrak’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fanompoana.

Fantatsika fa tsy mifanaraka amin’ny hevitr’izao tontolo izao izany fanompoana izany satria ny an’izao tontolo izao dia izy no tomponia, mifanohitra amin’izany anefa ny an’I Jesoa satria tonga mba hanompo fa tsy ho tomponia izy. Izany no maha-Kristianina antsika sy ny maha-misionera antsika. Izany no antony nandehanan’ireo misionera taty amintsika, hanompo sy hikatsaka izay mahasoa antsika. Tsy inona fa ny hahafantarantsika an’Andriamanitra ka hahazoantsika ny fiainana. Izany no lalam-piainantsika hahafantarana fa mino isika tahaka ny nataon’I Masina Maria.

Mety misy tokoa fotoana mahatonga ny fiainantsika mamokatra nefo mamokatra araky ny fihevitr’izao tontolo izao izay mitondra amin’ny fanapotehana, hitantsika izany amin’ny tontolo iainantsika amin’izao.

Raha anatin’ny fanompoana sy fikatsahana ny rariny sy ny hitsiny ny fiainantsika dia hamokatra araky ny sitrak’Andriamanitra izay mahatonga antsika ho EOV manorina ETA KA HAHATONGA ANTSIKA HO TARANAKA MPANORINA. Noho isika manao ny asan’Andriamanitra dia mamerina amin’ny laoniny ny fifandraisana. Io no fanorenana ny rafi-pivelomana averintsika matetika. Miverina amin’ny tena izy indray ny fifandraisana amin’ny zava-boaary, amintsika sy amintsika ary indrindra amin’Andriamanitra.

Nananatra an’I Timote zanany i Md Paoly amin’ny Vakiteny faharoa ary mananatra antsika ihany koa : “*Ry zanako malala, mananatra anao aho mba hamelombelona indray ny fanomezampahasoavan’Andriamanitra ao anatinao, izay noraisinao tamin’ny fametrahako tanana taminao. Fa tsy Fanahy osa no nomen’Andriamanitra antsika, fa Fanahy mahery sy be fitiavana ary mahonon-tena. Koa aoka ianao tsy ho menatra ny ho vavolombelon’ny Tompontsika, sy noho ny amiko izay mpifatotra ho Azy, fa hiara-mijaly amiko noho ny Evanjely, miankina amin’ny herin’Andriamanitra*”.

Ry Kristianina havana, ny batemy noraisintsika dia nandraisantsika ny Fanahin’Andriamanitra izay mankahery antsika, ny konfirmasio raisintsika dia mahatonga antsika ho vavolombelona. Io no mahasamihafa antsika Kristianina. Manana ny Fanahy Masina isika. Vokatry ny finoana. Aoka ho tany lonaka isika ka hamokatra, mamokatra isika raha mijoro ho vavolombelona na dia amin’ny fotoana sarotra na misy mpanenjika dia aoka hijoro amin’ny fanompoana. Izany koa no katsahintsika amin’izao fanatanterahantsika ny Sinaody faha-7 izao mba ho katolika mandalina ny finoana tokoa isika, katolika mandray an-tanana ny Eglisy, katolika manompo mirotsaka amin’ny fikambanana masina ka mandalina ny finoany ary mijoro eo anivon’ny mpiara-belona sy mikatroka amin’ny alalan’ny vaomieran’asa, katolika faly mankalaza an’Andriamanitra satria ny tanjon’ny misiona dia tsy hoe fampiharam-pahefana fa fanitarana ny fanjakan’Andriamanitra ka ho

fanjakan'Andriamanitra anjakan'ny rariny sy ny hitsiny hahatonga antsika ho olo araike ao amin'Andriamanitra, ho fianakaviamben'Andriamanitra, izany no antony maha-iraka antsika. Ireo rehetra ireo no tendrombohitra hafindra voalazan'ny Evanjely, afaka mamindra isika raha manam-pinoana na dia toa ny voatsinapy aza.

Aoka koa ho tsapantsika, ary ity no tena fototra sy loharanon'ny finoana : FANOMEZAN'ANDRIAMANITRA NY FINOANA ka tsy maintsy angatahina, italahoana. Azontsika tsara fa tsy maintsy FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARA-MIVAVAKA, MANDALINA NY FINOANA. Tsy misaraka ny fitiavam-bavaka sy fandalinana finoana. Tsy hamokatra ny finoana, izany hoe tsy ho tany lonaka iasan'ny Fahasoavan'Andriamanitra raha tsy mivavaka isika mangataka ny finoana. Izany no nataon'ireo Apostoly tamin'I Jesoa. Nivavaka izy ireo : "AMPITOMBOY NY FINOANAY..."

Ry Jesoa Tompo ô, lanao tokoa no nampianatra anay, tsy vitan'ny nampianatra fa nanome ohatra velona anay. lanao tokoa no iraky ny Ray ka tonga eto anivonay, nanolo-tena ho mpanompo mba hanavotra anay, ampianaro izahay mba ho tena mpanompo mahatoky tokoa na dia fantatrao ny tsy fahamendrehanay ka hahay hikatsaka mandrakariva ny mahasoa.

Ry Jesoa Tompo ô, ampianaro izahay mba ho tena misionera amin'ny ataonay rehetra mba ho mpanompo tokoa ka tsy maintsy manatanteraka izay ampanaovinay anay.

Ry Masina Maria Renin'Andriamanitra mibanjina anao manokana izahay amin'izao volana oktobra izao, ampianaro izahay mba ho "Eny" mandrakariva ny fiainanay, hanao ny asan'Andriamanitra ka amin'izay Andriamanitra hanao ny asanay ka ho lavorary izay asa ataonay izay. Tsy inona izany fa ny fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra. Md Josefa Mpiaro ny Eglizy Eran-tany, arovy izahay, arovy ny finoanay mba ho velona mandrakariva eo anivon'izao tontolo izao izay mitady handrendrika anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson